PAPAY

Karazany

- ***Solo:*** madinika ny voa 350-500g (mamy tsara).
- ***Sun rise***: menanofo, somary matsatso kokoa noho ny Solo.
- ***Solo sunset***: matanjaka sady mailaka ity karazany ity, mamy tsara.
- ***Solo Waimanalo***: mamy tsara.

Avy any amerika ny fiaviany
Hazo fihinamboa mety mahatratra 8 metatra ny haavony
Ny mampiavaka ny papay dia ny maha samihafa ny hazo mitondra ny lahim-bony (papay lahy) sy ny vavim-bony(papay vavy).
Ao anatin'ny 500m manodidina dia tokony hisy papay lahy 1
(tokony hisy papay lahy 50/ha).

1-/ Famaritana ankapobeny

1.1-/ Toe-tany

- Tany maivana voajary tsara
- Lonaka ary be roaka
- Baiboho voajary
- Tany mena: mila hitondrana zezi-pahitra na zezika biby ankoatra ny zezi-kisoa sy zezika akoho (masiaka loatra ireo)

1.2-/ Toetr'andro

- Mila hafana sy tara-masoandro ary amin'ny ilany andrefana no hambolena azy raha misolampy ny tany .
- Tsy dia mety loatra ny toerana mangatsiaka sy be fanala ary tratriny tondra-drano mihoatriny 2 andro.

2-/ Tanin-janakazo

2.1-/ Fikarakarana masomboly:

- Fantenana ny voankazo matohy sy salama.
- Tsy avela hialonan'andro ny fanalana ireo voa ao anatiny.
- Fidiana tsara ireo voa mainty.
- Sasana hiala ireo dintiny.
- Atapy amin'ny aloka.

2.2-/ Famafazana

a -Fafy raikitra

- ***Manao taharo***:1 tany, 2 zezika, 1/2 tany mena, 1 fasika (raha toa ka tsy fasehana ilay tany)
- ***Manao kitapon-janakazo*** (lamba tsy lena na raty 15-20 sm ny ahavony ary 8-10 sm ny savaivony

- ***Alahatra*** ao anaty valan-janakazo mirefy 3x1m ireo kitapon-janakazo voasesika
- ***Tondrahana*** ary asitrika ny voa ka ny halaliny dia intelo mihoatra ny haben'ny voa.
- ***Voa telo*** isaky ny kitapon-janakazo ary atao mielanelana tsara
- ***Rakofana bozaka*** manify eo amboniny avy eo
- ***Tondrahana isan'andro*** (isaka hariva aorian'ny 4 ora)

b- fafy amin'ny valan-janakazo

- vala famafazana:

- Hajariana sy fefena ny tany famafazana ary diovina ny manodidina.
- Hatsangana ny vala 3m x 1m sy 0,25m ny haavony ary fefena.
- Asiana taharo1 tany masaka, 1 zezika, 1/2 tany mena, 1 fasika (raha toa ka tsy fasehana ilay tany).
- Aravina mba hitovy tantana.
- Tondrahana ho vonto rano tsara.
- Soritana 15-20sm ny elanelan-tsoritra ary afafy isaky ny 10sm ny voa
- Fenoina amin'ilay taharo teo sahabo 1sm ny haavony dia rakofana bozaka manify ary tondrahana.

NB: Tondrahana isaka hariva ary havaina ny zanaka papay

2.3-/ Fanetsana

- Alahatra ao anaty vala fanetsana ny kitapon-janakazo voasesika taharo.
- Rehefa telo ravina ny zanaka papay nafafy dia anketsa ao anaty kitapon-janakazo.
- Alohan'ny fanentsana dia hetezana ny 1/3 ny ravina sy ny fakany.
- Kendrena tsara mba hifatratra tsy hisian'ny rivotra tafajanona.
- **Fambolena**

2.4-/ Fandavahana:

- Lavaka : atao diam-panorona 40 sm x40 s x 40sm ary mielanelana 2-2,5m
- Evoina ny vody lavaka.
- Tokony ho vita 7-8 volana mialohan'ny fanotorana ny lavaka.
- Fambolena: 1 volana aorian'ny fanotorana

2.5-/ Fotoam-pambolena:

- Tokony ho vita mialohan'ny farany volana febroary ny fambolena

2.6-/ Fikojakojana

- Havaina matetika ny elanelam-pototra , rakofana hatrany ny vodiny.
- Tokony tondrahana rehefa maintany.
- Asiana zezika 1 sobika amin'ny taona faha-roa ary ampitombona tapa-tsobika isan-taona mandritra ny efa-taona.
- Tokony ho soloina ny papay rehefa afaka efa-taona namokarana.

3-/ VOKATRA

3.1-/ Fiotazana:

- ***Vokatra voalohany:*** 10 volana aorian'ny nambolena azy.
- Otazana efatra na dimy andro alohan'ny fahamasahany tanteraka.
- Misy papay 10-35 voa arakaraky ny karazany ny isam-pototra.

3.2-/ Fiterizana:

- Sarotra ny fitehirizana ny papay.

4-/ Aretina sy fahavalo mamely ny paPAY

4.1-/ Lagaly

- Lo ny voa ary malemy ny nofony ary mangidy
- Mavo ny ravina
- Madinika ny ravina vaovao ary fohy ny tangozany
- Kely ny voa manaraka ary tsy mety masaka

4.1.1-/ Ady

- Otazana ny voa raha vao mavomavo.
- Tsy hambolena intsony ny toerana efa misy aretina.
- Havaina matetika.
- Esorina sy dorana ny fototra marary.
- Fadina ny mamboly amin'ny toerana tsy mitsihi-drano.

4.2-/ Phytophtora

- Feno tasy fotsifotsy ny voa ary mihintsana.
- Lo ny fototra sy ny faka ary miloko mainty

4.3-/ Ady

- Tsy hambolena intsony ny toerana efa misy aretina.
- Atao ampy zezika tsara.
- Esorina sy dorana ny fototra marary

4.4-/ Vokatry ny viriosa

- Sada mavo maitso ny ravina ary somary mikaikona.
- Mikasaoka ny ravina rehefa aforitra sady mipika

4.4.1-/ Ady

- Vonoina ny bibikely mpitsentsitra.
- Varangabintsika na pondy
- Mitsentsitra ny hazo ka mahatonga azy ho reraka.
- Esorina ny simba.